

1 2 3

1 2 3 4 5 6 7 8 9 10

1 2 3 4 5 6

1 2 3 4

1 2 3

Atao tsara hosa ny tanimbary mba hahamora ny fandravonana azy

FANDRAGIRAGIANA



Tsy mety ny manao ny asan'omby

Atao tsara hosa ny tanimbary mba hahamora ny fandravonana azy

FANDRAGIRAGIANA



Fihosena:

- Atao sahaza ny rano vao hosena (kendrena tsara mba tsy hanary rano mandritry na aorian'ny fanosena mba tsy ho very ny tsiron-jezika);
- Atao malemy tsara mba hanamora ny fandravonana.

Mba hahazoana tany vita hosa tsara dia:

- 1- Tsara raha mba milon-drano kely aloha ny bainga alohan'ny handragiragiana azy;
- 2- Alohan'ny fandragiragiana dia efa atao sahaza tsara ny rano mba tsy hanariana mandritry na aorian'ny fanosena satria entin'ny rano ny tsiron-jezika;
- 3- Mandritry ny fandragiragiana dia efa ezahana ny hanao marin-drano ny tanimbary mba tsy hahasarotra ny fandravonana;
- 4- Tsara raha ny ampitson'ny fandragiragiana sy ny ravontany vao ketsana, hita amin'izay raha mbola misy fandravonana kely tokony hatao.

Ajanona
iray andro
vao
ketsana



Ny tanimbary voalamina ho marin-drano tsara no mahamora ny fitantanan-drano

FANOMANANA NY TANIMBARY



Ravontany



Ny tanimbary voalamina ho marin-drano tsara no mahamora ny fitantanana-drano

FANOMANANA NY TANIMBARY




Fanarenana ny tany:

- Atao mitovy tantana tsara ny tany mba tsy hisy lalina na marivo.

Mba hahamora ny fitantanana ny rano ary hanamora ny fanetsana dia:

- 1- Tsara raha malemy tsara aloha ny tany;
- 2- Alamina tsara amin'ny ragiragy nasiana hazo fisaka be vlarana;
- 3- Alamina amina karazana fitaovana toy ny hita eto amin'ny sary.



Hajao tsara ny ketsa mba tsy ho tapaka ny fakany

FAVOTAN-KETSA



*Fakaketsa tsy
voakasika*

Hajao tsara ny ketsa mba tsy ho tapaka ny fakany

FAVOTAN-KETSA



Tandremana tsara mba tsy ho tapaka ny fakan-ketsa:

- Tsy avotana toy ny nahazatra ny ntaolo ny ketsa fa fa sorohina amin'ny angady na zavatra mitovy aminy;
- Tanterina amin'ny takelaka mafimafy ny ketsa;
- Tsy ajanona ela aorinan'ny fiavotana ny ketsa.

Mba hahazahoana ketsa tonga dia maniry avy hatrany dia :

- 1- Tokony tsy ho tapaka ny fakany (tsara raha sorohina amin'ny angady);
- 2- Tsy tokony ho azon'ny masoandro ny fakany satria mety hitarika amin'ny faha fatesany ka mbola hamorona faka vaovao indray ny ketsa. Noho izany dia tokony hampanarahana tany ny fakany. Rehefa tena hanetsa vao miala ny tany;
- 3- Adiny iray alohan'ny hanetsana farafaha elany no angalana ny ketsa avy eny amin'ny taniketsa mba tsy ho maina na ny raviny na ny fakany.



1 2 3

1 2 3 4 5 6 7 8 9 10

1 2 3 4 5 6

1 2 3 4

1 2 3

Ketsa tsy tapa-paka no faingam-pitsiry

KETSA



*Ketsan-
drazana*



*Ketsa
nohatsaraina*



Ketsa tsy tapa-paka no faingam-pitsiry

KETSA



Ny ketsa tsara haketsa:

- Ketsa telo na efatra ravina raha be indrindra;
- Tsy tapaka ny fakany;
- Maintso tsara.

Mba hahazoana ketsa tsara dia:

- 1- Arahina tsara ny toro marika rehetra efa voalaza teo aloha;
- 2- Kendrena tsara mba tsy ho tapaka ny fakany amin'izay malaky ny fitsiriny rehefa avy aketsa;
- 3- Tsy tokony hihoatra ny efa-dravina ny ketsa amin'ny fotoana anetsana: ny ketsa antitra mantsy mitaranaka firy intsony ka afaka hanome vokatra be.





Ny ketsa tora-tady no mahamora ny fikojakojana azy indrindra fa ny fiavana

FANETSANA



Saritaka




Tora-tady



Ny ketsa tora-tady no mahamora ny fikojakojana azy indrindra fa ny fiavana

FANETSANA




Fanetsana:

- Ketsa tora-tady;
- Ketsa roa na telo isa-potony;
- Elanelan'ny fanetsana:
20sm × 20sm (20ka hatramin'ny 30sm × 20 ka hatramin'ny 30sm amin'ny tany masaka);
- Halalin'ny fanetsana : 3sm raha lalina indrindra.

Mba hahamora ny fikojakojana ny vary mandritry ny faniriany indrindra fa ny fiavana azy dia:

- 1- Atao ketsa tora-tady mba hahazoana ampiasana milina fiavana amin'ny elanelany. Ny tena tsara dia atao efamira (carré) amin'izay afaka mifanapaka ny fiavana ka kely ny ahi-dratsy sisa esorina amin'ny tanana;
- 2- Raha lonaka ny tany dia atao malalaka ny fanetsana satria mety hanjanaka be ny vary ary atao matevitevina kokoa raha manta ny tany satria tsy dia afaka hanitatra loatra ny vary.



1 2 3

1 2 3 4 5 6 7 8 9 10


1 2 3 4 5 6

1 2 3 4

1 2 3

Tsy misy mahasamihafa ny orin-katoka sy ny lalim-panetsa

FANETSANA



Lalina



Ara-dalana
(2-3cm)



Tsy misy mahasamihafa ny orin-katoka sy ny lalim-panetsa

FANETSANA



Fanetsana:

- Ketsa tora-tady;
- Ketsa roa na telo isa-potony;
- Elanelan'ny fanetsana: 20sm × 20sm (arakaraka ny halonaky ny tany);
- Ratsy ny manao laim-panetsa, halalin'ny fanetsana : 3sm raha lalina indrindra.


Mba hahatongalafatra ny fanirin'ny vary sy hahamora ny fikojakojana dia:

1- Tora-tady no mety indrindra mba hanamora ny fiavana; ka ny diam-panorona no tena tsara amin'izay afaka atao mifanapaka ny fiavana amin'ny milina fiavana:

20sm × 20sm (20 ka hatramin'ny 30sm × 20ka hatramin'ny 30sm amin'ny tany lonaka);

2- Ny fampiasana milina fiavana akoatry ny famonoana ny ahidrasy dia mampitombo aokisizenina ao amin'ny rano izay tena ilain'ny fakam-bary;

3- Tsy tsara ny lalim-panetsa satria mbola sahirana mamorona faka vaovao (izay tsy hita izay ilaina azy) amin'ny tonony izay milentika any anaty ka manatara ny fitombon'ny ketsa. 3sm raha lalina indrindra no anatsatohana ny ketsa.



Vadi-bainga sy
Famafazana
zezika

Fanomanaana ny taniketsa

Fanetsana

Fikojakojana

Fijinjana sy
aorian'ny
miaka-bokatra

1 2 3

1 2 3 4 5 6 7 8 9 10

1 2 3 4 5 6

1 2 3 4

1 2 3


Rano tsara tantana antoky ny fahombiazana

FITATANAN-DRANO



Tsara
tantana

Mora
ampidirana,
mora avoaka



Ratsy tantana

Rano tsara tantana antoky ny fahombiazana

FITATANAN-DRANO



Fitatanan-drano:

- Asina tatatra kely manodidina ao anaty tanimbary;

Fomba fitantanana :

tazonina ho 3 na 5 sm hatrany ny haavon'ny rano.


Tsy dia manaitra ny olona ny fitantan-drano kanefa anisan'ny ilaina izy mba hampitomboana ny vokatra:

- 1- Tokony hitovy tantana tsara ny tanimbary mba hahamora ny fitantan-drano, ny tena tsara dia avela hitsika miadana eo ny rano fa tsy avoaka mba tsy ahavery ny tsiron-jezikza, raha tsy hoe nisy oram-be ka dobo-rano loatra ny tanimbary ka voatery anariana ihany;
- 2- Ny mahazatra ny olona dia rehefa misy rano dia ampy azy izay, tsara anefa raha eo ho eo amin'ny 3 sm eo ho eo ny habetsahan'ny rano ao amin'ny tanimbary;
- 3- Mitady rivotra ny fakam-bary, ny rano ampidirina anefa no tena mampisy rivotra ny rano ka raha elabe tsy ampidiran-drano dia tsy ampy ny rivotra;
- 4- Tokony ho tandremana tsara anefa rehefa avy namafy zezika mba tsy hariana ny rano fa lasan'ny rano ny tsiron-jezika. Izany hoe rehefa mba misy fotoana tsy mampisy orana ireny.



Ny fiavana amin'ny milina dia sady ady amin'ny ahidrasy no mampitombo ny aokisizenina @ rano

FAVANA



Fampiasana milina fiavana

Ny fiavana amin'ny milina dia sady ady amin'ny ahidrasy no mampitombo ny aokisizenina @ rano

FAVANA



Fampiasana milina fiavana

Fomba fiavana :

- Mampiasa milina fiavana 15 andro aorian'ny fanetsana;
- Miava in-telo raha kely indrindra ka mielanelana 7 na 10 andro avy izany;
- Esorina amin'ny tanana ny ahi-dratsy tsy afaky ny milina.

Mba hahafaty tsara ny ahidrasy sy hampitombo ny aokisizenina amin'ny tanimbary dia:

- 1- Vao manomboka mitsiry ny ahidrasy dia atomba ny ady aminy ka ny milina fiavana no ampiasana amin'izany. Amin'izay dia mora vonoina ny ahidrasy satria mbola tsy lalim-paka. Arakaraka ny anetsiketsehan'ny milina ny rano no mampitombo ny aokisizenina ao aminy, izay tena ilain'ny fakam-bary tokoa.
- 2- Tokony hifanaraka tsara amin'ny elanelan'ny tora-tady ny velaran'ny milina ampiasana satria raha lehibe noho ny elanelan'ny vary dia manimba azy raha diso kely kosa dia betsaka ny ahidrasy tsy ho faty;
- 3- Arahina ava-tanana ny fiavana amin'ny milina mba hanesorana ny ahidrasy eny anelanelan'ny vary.

Ava-tanana



Ava amin'ny milina

Vadi-bainga sy
Famafazana
zezika

Fanomana ny taniketsa

Fanetsana

Fikojakojana

Fijinjana sy
aorian'ny
miaka-bokatra

1 2 3 1 2 3 4 5 6 7 8 9 10

1 2 3 4 5 6

1 2 3 4

1 2 3

Manatsara ny fananahan'ny vary sy ny fiterahany ny fanampin-jezibazaha (*urée*)

FANAMPIN-JEZIBAZAHA



0,3 kg/a



0,25kg/kapoka

Fitondrana urée alohan'ny vary
bevohoka

Manatsara ny fananahan'ny vary sy ny fiterahany ny fanampin-jezibazaha (*urée*)

FANAMPIN-JEZIBAZAHA



0,3 kg/area



0,25kg/kapoka


Fitondrana urée alohan'ny vary bevohoka

Zezika fanampiny:

- Mitondra urée in-droa:
- Voalohany : 0,5 kg/a amin'ny fiatombohan'ny fanintarany, 15 andro aorian'ny fanetsana ,
- Faharoa : 0,3kg/a alohan'ny misondro-dreny

Mba hahabetsaka ny zanabary sy mba hahatsara ny tera-bary dia:

- 1- Ny atao hoe azota dia ny singa entn'ny zezika « *urée* ». Tsy azo atao indray mitondra ny fatra rehetra fa lasa entona ka lasan'ny rivotra fotsiny. Tsara raha amin'ny fotoana tena ilain'ny voly azy no itondrana azy.
- 2- Mila azota betsaka ny vary amin'ny fotoana fananahany ka tsara raha itondrana izany amin'io fotoana io. Raha tsy ampy io singa io dia mametra ny isan'ny zana-bary.
- 3- Mbola mila izany koa izy amin'ny fotoana fisondrotan-dreny ka hatramin'ny fiterahany ka eo ny fotoana faharoa itondrana ny « *urée* ».



Vadi-bainga sy
Famafazana
zezika

Fanomanaana ny taniketsa

Fanetsana

Fikojakojana

Fijinjana sy
aorian'ny
miaka-bokatra

1 2 3

1 2 3 4 5 6 7 8 9 10

1 2 3 4 5 6

1 2 3 4

1 2 3

Mampiasa karazam-bary mahatanty aretina

ADY AMIN'NY ARETINA SY NY BIBY



Mampiasa karazam-bary mahatanty aretina

ADY AMIN'NY ARETINA SY NY BIBY




Ady amin'ny aretina sy ny biby:

- Mampiasa ny karazam-bary mahatanty aretina;
- Vonoina raha misy bibikely;
- Atao koa ny ady amin'ny voalavo raha misy izany;
- Diovina ny tahalaka sy ny manodidina ny tanimbary.

1- Tsy dia ahazahoan-tombony ny manisy fanafody ny vary marary fa ny mampiasa ny karazam-bary mahatohitra ny aretina no tena mety.

2- Amin'ny akapobeny ny haom-bary no tena bibikely mamely ny vary eto amintsika. Ny olana dia sarotra ny miady aminy raha tsy indray mamono azy ny tompom-tanimbary iray lohasaha.

3- Tsara raha ampiarahana ny fotoam-pambolena satria raha lasa aloha na tara dia itangoronan'ny fody na voalavo ny vokatra .



Vadi-baingy sy
Famafazana
zezika

Fanomana na ny taniketsa

Fanetsana

Fikojakojana

Fijinjana sy
aorian'ny
miaka-bokatra

1 2 3 1 2 3 4 5 6 7 8 9 10


1 2 3 4 5 6

1 2 3 4

1 2 3

Tsy mety raha lasa aloha na tara loatra ny fijinjam-bary

FOTOAM-PIJINJANA




MBOLA MAITSO

VARY MAIVANA



Tsy mety raha lasa aloha na tara loatra ny fijinjama-bary

FOTOAM-PIJINJANA



Fijinjana:

Fotoana tena mety :

rehefa 80% ny voa no hita fa masaka.

Mba tsy hahabe very ny vary dia tokony ho fantarina tsara ny fotoana tokony hijinjana:

- 1- Raha lasa aloha loatra ny fijinjama dia mbola maro ireo tsy tena tonga voa ka faty antoka fotsiny;
- 2- Raha andrasana efa hatoy daholo ny vary dia ny sasany efa tena maina ka mety hihintsana ka faty antoka koa ny fahaverezany;
- 3- Amin'ny fotoana inona ary no tokony hijinjama azy: rehefa hita fa matoy ny 80% ny voa.



Vadi-bainga sy
Famafazana
zezika

Fanomana ny taniketsa

Fanetsana

Fikojakojana

Fijinjana sy
aorian'ny
miaka-bokatra

1 2 3

1 2 3 4 5 6 7 8 9 10

1 2 3 4 5 6

1 2 3 4

1 2 3

Sady manome voa tsy simba no malaky ny fivelezana amin'ny milina

FIVELEZAM-BARY



Tanana



Milina



Sady manome voa tsy simba no malaky ny fivelezana amin'ny milina

FIVELEZAM-BARY



Fivelezana:

- Tsara ny mampiasa milina fivelezana;
- Mampiasa labasy na korofoka mba hadio sy tsy ho very ny vary.

Fomba mahazatra ny fivelezana vary amin'ny fitaovana mafy toy ny barika, vato laona sns...

1- Mety hisy voa tapaka noho ny fikapohana azy amin'ny zavatra mafy, ary koa be ny voam-bary tavela ka miteraka faty antoka izany ary be masokarena koa satria mitaky olona maro.

2- Efa misy ny milina izay azo lazaina fa efa manara-penitra ihany ka tsara raha amin'izany no hivelezana ny vary. Mety lafo vidy ihany izy io kanefa maharitra taona maro vao ho simba ary tsy dia mitaky olona maro ny fampiasana azy.

3- Tsara raha mba arovana tsy hisy fasika ny vary ka tokony ho lalorina tsara ny famoloana ivelezana sy anahazana ny vary na raha tsy izany dia tokony hampiasa labasy na korofoka.



1 2 3

1 2 3 4 5 6 7 8 9 10

1 2 3 4 5 6

1 2 3 4

1 2 3

Azo antoka ny fikororohana amin'ny milina

FIKOROROHANA



Fikororohana miaraka
amin'ny rivotra



Fikororohana
amin'ny milina

Azo antoka ny fikororohana amin'ny milina

FIKOROROHANA



Fikororohana miaraka
amin'ny rivotra



Fikororohana
amin'ny milina

Fikororohana:

- Kororohana
avy hatrany
rehefa maina
tsara.

1- Fomba fikororohana vary efa mahazatra dia mampiasa ny rivotra, hany ka rehefa tsy misy na maivana ny rivotra dia ratsy kororoka ny vary na mijanona tsy miasa.

2- Efa misy ny milina fikororohana izay manatsara ny fanadiovana ny vary. Mitaky herin-tsandry ihany ny manodina azy kanefa na dia tsy misy aza ny rivotra dia afaka mikororoka. Afaka manakoroka ao an-trano raha ratsy ny andro.





FISAFIDIANANA MASOMBOLY HAMPIASAINA

REGION D'AMBATONDRAZAKA

3914 : Mailaka (X265)
4012 : Tsemaka

HAUTES TERRES CENTRALES

Haute altitude :
1500 m <Alt<1850 m
4354 : FOFIFA 160

Moyenne altitude :
800m <Alt<1500 m
Les mêmes variétés
en plus de :

X243: Kelimamokatra
3912 : Mailaka (X265)
2787 : Soamalandy
4180 : Manjopiaka
4181 : Soameva
4182 : Manjamena
4179 : Mahasarika

RÉGIONS MOYEN OUEST Tsiroanomandidy – Mandoto

3914 : Mailaka (X265)
4181 : Soameva
4179 : Mahasarika
4180 : Manjopiaka

